



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tenindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-74

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY
ALAKAMISY 18 JONA 2020 KA HATRAMIN'NY ZOMA 3 JOLAY 2020**

Fivoriana faha-20
Natao ny
- Alakamisy 18 Jona 2020 -
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - RASOLONJATOVO Honoré
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

FOTOANA: Alakamisy 18 Jona 2020, tamin'ny 4 ora sy 10 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy 18 Jona 2020 ka hatramin'ny Zoma 3 Jolay 2020.

Nitohy ny fivorian'ny Antenimierampirenena ny Alakamisy 18 Jona 2020, tamin'ny 4 ora sy 10 minitra, tolak'andro; Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Fiarahabana ny mpivory no nanombohany ny fitenenana. Nambarany taorian'izay fa hisy "visioconférence" ho karakarain'ny "Assemblée Parlementaire de la Francophonie" ny Alarobia 15 Jolay 2020 ka hatramin'ny Alakamisy 23 Jolay 2020, ka entanina ny Solombavambahoaka izay liana amin'izany mba hisoratra anarana ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana voalaza etsy ambony ny tenany ary niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatontosa izany Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe.

Rehefa vita izany, mbola niangavy fanindroany an'Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe mba hamaky ny famintinana ny fivorian'ny "Conférence des Présidents" natao ny Alakamisy 18 Jona 2020 hatrany ny tenany, ka toy izao no fivakin'izany.

Nivory ny Alakamisy 18 Jona 2020 nanomboka tamin'ny 12 ora, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ny mpivory tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana. Natolotra avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alakamisy 18 Jona 2020 tamin'ny 11 ora, atoandro.

Maro ny adihevitra nivoitra. Ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana dia miankina amin'ny fahavitan'ny asan'ireo Vaomiera maharitra mialoha izany. Mety hiova, noho izany, ny daty izay voarakitra ao amin'ny fandaharam-potoana.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny volavolan-pandaharam-potoana nasiam-panovàna manomboka ny Alakamisy 18 Jona 2020 ka hatramin'ny Zoma 3 Jolay 2020 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy 18 Jona 2020 amin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Jeudi 18 Juin 2020** au **Vendredi 03 Juillet 2020**

JEUDI 18 JUIN 2020

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - (Salle BP)

11H 45: Conférence des Présidents - (CCI- Ivato)

15H 30: **SEANCE PLENIERE** - (CCI- Ivato)

Adoption de l'Ordre du Jour

VENDREDI 19 JUIN 2020 et **SAMEDI 20 JUIN 2020**

09H 00 et **15H 00**: **TRAVAUX DES COMMISSIONS** - (Salle des Séances/AN - Tsimbazaza)

- **Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Economie et de la Planification** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Evaluation et des Politiques Publiques** (Saisie au fond)

- Projet de loi n°009/2020 du 13 Juin 2020 portant Loi des Finances Rectificative pour 2020.

LUNDI 22 JUIN 2020

10H 00 et **15H 00**: **SEANCE PLENIERE** -(CCI-Ivato)

- Projet de loi n°009/2020 du 13 Juin 2020 portant Loi des Finances Rectificative pour 2020.

MARDI 23 JUIN 2020

09H 00 et 15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Salle des Séances/AN-Tsimbazaza)

- **Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)
 - **Commission du Commerce et de la Consommation** (Saisie pour avis)
 - **Commission de l'Economie et de la Planification** (Saisie pour avis)
 - **Commission Juridique** (Saisie pour avis)
- **Projet de loi n°007/2019 du 30 Octobre 2019 sur les Assurances (2^{ème} Lecture)**
 - **Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)
 - **Commission de l'Economie et de la Planification** (Saisie pour avis)
 - **Commission de l'Energie et de l'Eau** (Saisie pour avis)
 - **Commission des Postes et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies** (Saisie pour avis) - (Salle des Séances/AN-Tsimbazaza)
 - -Projet de loi n°006/2020 du 20 Mai 2020 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de transports d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 06 Février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD/FAD)
 - -Projet de loi n°007/2020 du 20 mai 2020 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de transports d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 06 Février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africaine de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition-BAD/FAT)
 - -Projet de loi n°008/2020 du 20 mai 2020 autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement du Projet JIRAMA WATER III, conclu le 09 décembre 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI).
 - -Projet de loi n°011/2019 du 11 Décembre 2019 sur la loi Bancaire.

- 09H 00**: - **Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation** (Saisie au fond)
- **Commission Juridique** (Saisie pour avis)
 - **Commission de la Défense Nationale** (Saisie pour avis)
 - **Commission de la Sécurité Publique** (Saisie pour avis) - (Salle BP)

- Proposition de Résolution n°03-2020/PR portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur les activités des Dahalo dans le District de Morombe, présentée par le Député RAKOTOMALALA Lucien, élu à Morombe et Consorts.

- **Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique** (Saisie au fond)
 - **Commission des Postes, des Télécommunications et des Nouvelles Technologies** (Saisies pour avis) - **(Bibliothèque)**
- Proposition de loi n°02-2020/PL relative aux professions et activités du Cinéma, présentée par le Député JOHASY RAHARISOA Eléonore, élue à Vangaindrano.

15H 00: - **Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation** (Saisie au fond)
 - **Commission Juridique** (Saisie pour avis) - **(Salle BP)**

- Volavolam-pehin-kevitra mikasika ny fananganana sy fandaminana ny Fokontany, atolotry ny Solombavambahoakan'i Madagasikara RAKOTOSON Hubert, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahanoro.
 - **Commission Juridique** (Saisie au fond)
 - **Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales** (Saisie pour avis) - (Bibliothèque)
- Proposition de Résolution portant Code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale, présentée par le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee, élu à Vondrozo.

SEANCES PLENIERES - (CCI Ivato)

LUNDI 29 JUIN 2020

10H 00: - Projet de loi n°007/2019 du 30 octobre 2019 sur les Assurances (**2^{ème} Lecture**)

- -Projet de loi n°006/2020 du 20 mai 2020 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de transports d'Énergie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 06 Février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africaine de Développement (BAD/FAD)
- -Projet de loi n°007/2020 du 20 mai 2020 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de transports d'Énergie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 06 Février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africaine de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition-BAD/FAT).

- -Projet de loi n°008/2020 du 20 mai 2020 autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement du Projet JIRAMA WATER III, conclu le 09 décembre 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI).
- -Projet de loi n°011/2019 du 11 Décembre 2019 sur la loi Bancaire.

15H 00: Proposition de Résolution n°03-2020/PR portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur les activités des Dahalo dans le District de Morombe, présentée par le Député RAKOTOMALALA Lucien, élu à Morombe et Consorts.

17H 00: Proposition de Résolution portant Code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale, présentée par le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee, élu à Vondrozo.

18H 00: Volavolam-pehin-kevitra mikasika ny fananganana sy fandaminana ny Fokontany, atolotry ny Solombavambahoakan'i Madagasikara RAKOTOSON Hubert, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahanoro.

MARDI 30 JUIN 2020

10H 00: Election du Représentant de l'Assemblée Nationale au sein de la Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI).

14H 00: Proposition de loi n°02-2019/PL du 07/10/19 relative aux professions et activités du Cinéma, présentée par le Député JOHASY RAHARISOA Eléonore, élue à Vangaindrano.

15H 00 : Création de la Commission spéciale sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ).

MERCREDI 01 JUILLET 2020 au VENDREDI 03 JUILLET 2020

EVENTUELLEMENT 2^{ème} LECTURE

VENDREDI 03 JUILLET 2020

15H 00: CEREMONIE DE CLÔTURE DE LA PREMIERE SESSION ORDINAIRE 2020 DE L'ASSEMBLÉE NATIONALE.

FICHE DE PRESENCE

CONFERENCE DES PRESIDENTS

DATE : 18 juin 2020**HEURES** : 11H30**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|------------|--|---------------------------|
| 1 | RAZANAMAHASOA Christine Harijaona | Présidente |
| 2 | RASOLONJATOVO Honoré | Vice-Président |
| 3 | RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle | Vice-Président |
| 4 | RABENIRINA Jean Jacques | Vice-Président |
| 5 | RAHELIHANTA Jocelyne | Vice-Président |
| 6 | HENRI Jean Michel | Premier Questeur |
| 7 | RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera | Deuxième Questeur |
| 8 | RABENIRINA Maminiaina | Troisième Questeur |

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

| N° d'ordre | COMMISSIONS PERMANENTES | NOMS ET PRENOMS | ENTITE |
|------------|---|---|--------|
| 01 | Commission des Finances et du Budget | ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy | IRD |
| 02 | Commission de l'Energie et de l'Eau | RANDRIAMANAMPISOA Alfred | IRD |
| 03 | Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privée et des Petites et Moyennes Entreprises | ANDRIAMBELOSOA Heriniaina | IRD |
| 04 | Commission de l'Economie et de la Planification | ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy | TIM |
| 05 | Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation | RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa | IRD |
| 06 | Commission des Poste et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies | MAMANGY Norbert | GPR |
| 07 | Commission de l'Agriculture et du Développement Rural | RANDRIANASOLO Jean Nicolas | GPR |
| 08 | Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts | RAKOTOZAFY José Alain | IRD |
| 09 | Commission de Transport et de la Météorologie | RAJOELINA ANDRIAMIHARIMANANA Seth | IRD |

| | | | |
|----|---|--|-----|
| 10 | Commission des Infrastructures et de l'Équipement | ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina | TIM |
| 11 | Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière | RAHOLDINA Naivo Herinantsoina | IRD |
| 12 | Commission du Commerce et de la Consommation | ASSIMO Bruno | IRD |
| 13 | Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche | BAOFENO Micheline | IRD |
| 14 | Commission de la Jeunesse et des Sports | RATSIVAHINISOLO Andrianiony | IRD |
| 15 | Commission de la Population et de la Protection Sociale | RATSIMANDRIONA Aida Hardy | IRD |
| 16 | Commission de l'Artisanat et du Tourisme | P.O Vice-président Commission RAMENASON Rio Mercis | IRD |
| 17 | Commission de l'Évaluation des Politiques Publiques | JOHASY Eléonore | GPR |
| 18 | Commission Chargé de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député | RAKOTOMALALA Lucien | IRD |
| 19 | Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget | TSARADIA Marco | IRD |

REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

| N° d'ordre | GRUPE PARLEMENTAIRE | NOMS ET PRENOMS |
|------------|---------------------|-------------------------|
| 1 | TIM | RAMBOASALAMA Emilien |
| 2 | TIM | RATSIMBAZAFY Alain Jean |
| 3 | TIM | RABEKIJANA Solofo Hery |

Représentante du Gouvernement:

YAMICOLE Franckline

Primature

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Niangaviany hanangan-tànana ny Solombavambahoaka izay manan-kambara momba ny volavolam-pandaharam-potoana teo mba handraisana ny anarany.

Nilaza Andriamatoa RAKOTOSON Hubert fa nisy diso ny anarany ka nangataka ny hanitsiana izany.

Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph kosa nilaza, fa lavitra raha ny Distrika misy azy. Maharitra 4 andro eo ho eo ny faharetan'ny fandehanana vao tonga eto Andrenivohitra. Noho izany, nangataka ny handaniana ny volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020, mialohan'ny Zoma 26 Jona 2020 ny tenany satria mbola handeha hankahery ny vahoaka any amin'ny Distrika nahavoafidy azy amin'izao fahatongavan'ny fetim-pirenena izao.

Nanamarika kosa Andriamatoa FAMINDRA Justin, fa nahazo hafatra na "sms" momba ny volavolan-dalàna mikasika ity Tetibolam-panjakana ity kanefa mbola tsy mahay ny fomba fampiasana ny "tablette" natolotry ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny tenany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa mbola mivory ny Filohan'ny Vaomiera misahana izany, ka ny "administration" no handefa ny fanazavana mikasika izany amin'ny "annexe" rehefa miato ny fivoriana avy eo.

Nangataka Andriamatoa MAMIHAJA Charlot amin'ny hanatanterahana ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena eny anivon'ny CENI mialohan'ny Zoma 26 Jona 2020 satria mavesatra ihany ny fandaharam-potoana amin'ny Talata 30 Jona 2020 ary mety ho vitsy koa ny Solombavambahoaka tonga mivory amin'izay fotoana izay.

Nitondra fanazavana, Ramatoa Filoha, fa "présence obligatoire" ny famonjen'ny Solombavambahoaka fivoriana mandrapahatapitry ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena. Izy Solombavambahoaka tsy afaka noho ny antony manokana dia tokony handefa fialan-tsiny.

Nanontany ny daty tena hanaovana ny fandanianana ny volavolan-dalàna mikasika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020 kosa Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse, raha nandray fitenenana.

Novalian-dRamatoa Filoha avy hatrany, fa ny Alatsinainy 22 Jona 2020 izao no hanatanterahana izany.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy 18 Jona 2020 ka hatramin'ny Zoma 3 Jolay 2020 ny mpivory rehefa tsy manankolazaina intsony.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'ny fanatanterahana izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 59 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany tsy nasiam-panovàna ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy 18 Jona 2020 ka hatramin'ny Zoma 3 Jolay 2020.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana.

Fisaorana sy firarian-tsoa ho an'ny Solombavambahoaka no nataon-dRamatoa YAMICOLE Franckline, raha nandray fitenenana izy.

Nisy Solombavambahoaka nanao satroka taorian'izay, ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana izy ireo.

Nangataka ny hampidirana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, ny Lalàmpanorenana ary ireo volavolan-dalàna rehetra efa nolania ho ao anatin'ny "tablette" nozaraina tamin'izy ireo Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré.

Nanamarika Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges, fa vitsy ny olona nanatrika ity fivoriana ity kanefa raha ny anaran'ny Solombavambahoaka hita ao anatin'ny tatitra teo, hita fa maro tokoa. Nankaiza tampoka teo ireo olona ireo rehefa natao ny fandanianana ny fandaharam-potoanantsika?

Namaly, Ramatoa Filoha, fa mbola mivory any amin'ny asam-baomiera ny Solombavambahoaka sasany, ka izay no tsy ahitana azy ireo ato amin'ny fivoriana.

Nilaza Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, fa tokony hojerena ny mikasika ny "parking" ao amin'ny Antenimierampirenena, fa maro ny fiara mijanona ao. Nomarihany fa tsy ny mpiasa akory no tompon'io "parking" io.

Nangataka ny hampidirana ao anaty "tablette" ny volavolan-dalàna rehetra efa lany koa ny tenany.

Nambarany fa mahamenatra ny mahita Solombavambahoaka mifamaly amin'olona amin'ireo haino aman-jery, indrindra fa amin'ny Ben'ny Tanàna. Noho izany, tokony hasiana olona mpanelanelana ihany eo amin'ny roa tonta raha mety, mba tsy hitrangan'izay toe-javatra izay intsony.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa efa nisy sosokevitra natolotra mikasika izany tany amin'ny fivorian'ny "Conférence des Présidents" natao teo.

Andriamatoa RAKOTOSON Hubert indray nilaza, fa misy zavatra tiany hambara mikasika ny trano fandraisana ny Solombavambahoaka, koa mangataka ny hamoahana ny mpiasa aloha hanaovana fivoriana manokana.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa afaka tonga dia miteny satria efa nahazo fitenenana.

Rehefa izany, nanohy ny fitenenany, Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, nangataka ny hijerena manokana ny rano fidiovana ao amin'ny "centre d'accueil" satria mangatsiaka ny andro amin'izao kanefa mbola rano mangatsiaka koa no idiovana. Nangataka ihany koa ny tenany ny hijerena ny fotodrafitrasa amin'io toerana io fa efa manomboka mihasisimba izany ankehitriny.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa hisy tomponandraikitra ho esahana mikasika izany.

Nanohana ny voalazan'Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, rehefa nanao satroka sady nanamafy fa tsy mahasalama io toerana fandraisana io raha ny marina. Nangataka tamin'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra koa ny tenany mba hampanao fanadiovana satria tena maloto tokoa io toerana io.


Namaly, Ramatoa Filoha, efa trano vaovao no nomena ny Solombavambahoaka, fa mety mbola tsy vita tsara ny asa fanamboarana amintsika miteny izao.

Andriamatoa RAJOELINA Andriam-harimanana Seth kosa nilaza fa mbola ao anatin'ny fanavaozana tanteraka an'io "centre d'accueil" io ny tomponandraikitra amin'izao fotoana izao. Noho izany, nangataka ny Solombavambahoaka izy mba haharitra kely.

Taorian'ny satroka nataon'ireo Solombavambahoaka, nilaza Ramatoa Filoha, fa voaray avokoa ny fitarainana nataon'izy ireo ary nampanantena fa hijery akaiky ny olana momba ny "logistique" sy ny "centre d'accueil" ao amin'ny Antenimierampirenena.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa hisy asam-baomiera mikasika ny "projet de loi n°009/2020 du 13 Juin 2020 portant Loi de Finances Rectificative pour 2020", izay hatao eny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ny Zoma 19 Jona 2020 sy ny Sabotsy 20 Jona 2020 ka nanentana ny Solombavambahoaka voakasik'izany mba ho tonga hanatrika ny fivoriana.

Niato tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona